# FANAMBARANA HO AN'NY MPANAO GAZETY

**Fanolorana amin'ny fomba ofisialy ny fitantanana ny Valanjavaboahary Makay ho an'ny Madagascar National Parks**

Antananarivo, 20 febroary 2026

Natolotry ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy tamin'ny fomba ofisialy an'ny Madagacsar National Parks ny fitantanana ny Valanjavaboahary Makay.

Ity fanendrena ity dia vokatra azon'ny Madagascar National Parks rehefa avy nandalo ny sivana rehetra araka ny lalàna manan-kery teo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

Ny Madagascar National Parks dia vonona hanatanteraka izany andraikitra izany am-pamendrehana ary mankasitraka ny fanjakana malagasy amin'ny alalan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy amin'ny fahatokisana nomeny.

**Ho an'ny tombontsoan'ny firenena sy ny fanantanterahana ny vina nasionaly**

Ny Makay dia harena voajanahary miavaka, manana ny lanjany lehibe eo amin'ny tontolo iainana ho an'i Madagasikara sy izao tontolo izao. Ny fiarovana sy fitantanana azy dia andraikitra iombonana ho an'ny taranaka ankehitriny sy ho avy.

Ny Madagascar National Parks, amin'izany andraikitra lehibe nomena azy izany, dia hanantanteraka ny paikady eo amin'ny fomba fitantanana mahomby mifototra amin'ny mangarahara sy fahaiza-manao mifanaraka amin'ny vina nasionaly sy ny fenitra iraisam-pirenena.

35 taona amin'ity taona ity no nisehatra teo amin'ny fitantanana Valanjavaboahary ny Madagascar National Parks ary miisa 48 ny Valanjavaboahary tantaniny eto Madagasikara. Manana rafitra matihanina, ekipa za-draharaha, ary fomba fiasa efa voasedra ny Madagascar National Parks. Miara miasa akaiky ihany koa amin'ny fanjakana sy amin'ny mpiara-miombon'antoka maro isan-karazany ho antoky ny fampandrosoana maharitra ny Valanjavaboahary.

**Fomba fiasa mifototra amin'ny fampandraisana anjara ny tsirairay eny ifotony**

Ny Madagascar National Parks dia maneho fankasitrahana feno ho an'ireo mpisehatra rehetra izay nandray anjara tamin'ny fiarovana sy ny fanomezan-danja ny Makay hatramin'izay.

Ny fiarovana maharitra dia miorina amin'ny fitohizan'ny ezaka, ny fifamenoan'ny fahaiza-manao ary ny fifanakalozan-kevitra. Noho izany, ny Madagascar National Parks dia manamafy ny fahavononany hifandray sy hiara-miasa amin'ireo mpisehatra rehetra any Makay : ny mponina eny ifotony, ny manam-pahefana, ny mpiara-miombon'antoka sy ireo rehetra izay efa nisehatra teny an-toerana.

Ny fampandraisan'anjara ny mponina eny ifotony dia efa fomba fiasan'ny Madagascar National Parks izay manome lanja lehibe ny maha-olombelona eo amin'ny fitantanany.

**Fandraisana andraikitra ho an'ny harena iombonana**

Atolotry ny Madagascar National Parks ny traikefany nandritra ny 35 taona ho fitantanana matihanina sy mangarahara ny Makay, anatin'ny fanajana tanteraka ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

Mazava ny tanjona : hiaro ny harena voajanahary ao Makay, hampiroborobo ny velo-tenan'ny mponina eny ifotony, ary hiantoka ny fiarovana ny lova Voajanahary mampiavaka an'i Madagasikara.

**Fanazavana Fanampiny**
Département Communication et Marketing, Madagascar National Parks

Claudia Rasoarijon
Cheffe du Département Communication et Marketing
+261 38 09 400 38